



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana



ANTENIMIERAMPIRENENA

**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2022**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-195

FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA NY VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA FAHA-020/2021 TAMIN'NY 24 NOVAMBRA 2021, MOMBA NY FARIMBOM-PAMOKARANA NA "AGRÉGATION AGRICOLE"

Fivoriana Faha-7
Natao ny
Alatsinainy 30 Mey 2022
- Atoandro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle

PITANTSORATRA:- Andriamatoa HENRI Jean Michel
- Ramatoa RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera

FOTOANA: Alatsinainy 30 Mey 2022, tamin'ny 11 ora sy 20 minitra, atoandro.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-020/2021 tamin'ny 24 Novambra 2021, momba ny Farimbom-pamokarana na "Agrégation agricole".

Nitohy ny Alatsinainy 30 Mey 2022, tamin'ny 11 ora sy 20 minitra, atoandro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena. Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.
Ramatoa RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera no nanatontosana izany.

Taorian'izay, nisaotra ny Mpitantsoratra, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, tamin'ny nanatontosany izany. Rehefa izany, nampahatsiahiviny mialohan'ny hirosoana tamin'ny fandaharam-potoana, fa misy taratasy ofisialy voaray avy tamin'ny "Centre Civil et Politique", fikambanana Iraisam-pirenena miasa any "Genève-Suisse", izay manomana fihaonana amin'ny Antenimierampirenena mikasika ny fanajana ny Zon'olombelona.

Manampy izany, niangavy ny Solombavambahoaka ny tenany amin'ny hampidirana izany ao anaty fandaharam-potoana ny Talata 31 Mey 2022, amin'ny 9 ora sy 30 minitra, maraina ka hatramin'ny 12 ora sy 30 minitra, atoandro. Hahemotra amin'ny 3 ora, tolak'andro, amin'io Talata io ihany koa ny fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ny "Proposition de resolution n°001-2021/PR portant creation d'une commission d'enquête parlementaire sur le trafic d'or à Madagascar" satria manampy ny Solombavambahoaka amin'ny fanaovan-dalàna ahafahana manara-maso ihany koa ny asan'ny Governemanta izany.

Rehefa izany, niangavy an-dRamatoa Mpitantsoratra hatrany, ny tenany mba hamaky ny volavolam-pandaharam-potoana nasiam-panitsiana mba ahafahana manatanteraka izany,

Ramatoa RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera no nanatanteraka izany, ka toy izao no fivakiny:

Ordre du Jour - ANNEXE

SEANCE PLENIERE - (Salle des séances)

LUNDI 30 MAI 2022 à 10H 00:

-Projet de loi n°020/2021 du 24 Novembre 2021 sur l'Agrégation agricole

Séminaire 31 Mai 2022 au 02 Juin 2022 de 09H 30 à 12H30:

Consultations Parlementaires sur les mécanismes onusiens de protection des droits de l'homme et le rôle des Parlementaires.

MARDI 31 MAI 2022 de 09H30 à 12H 30:

Ouverture de la Consultation avec les Parlementaires de l'Assemblée Nationale de Madagascar sur les Mécanismes onusiens de protection des droits de l'homme et le rôle des Parlementaires.

SEANCE PLENIERE - (Salle des séances)MARDI 31 MAI 2022 à 15H 00:

-PROPOSITION DE RESOLUTION n°001-2021/PR du 10 Février 2021 portant création d'une Commission d'enquête parlementaire sur le trafic d'or à Madagascar présentée par le Député Mohamad Ahmad, élu à Fénérive-Est, et consorts.

MERCREDI 01 JUIN 2022 à 10H 00:

Réunion des membres du Bureau Permanent – (Salle BP)

Nisaotra an-dRamatoa Mpitantsoratra, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, taorian'izay. Nambarany fa rahampitso maraina ihany no misy fanovàna ary miankina amin'ny fankatoavan'ny Solombavambahoaka ny volavolam-pandaharam-potoana tovana no hanatanterahana ny seminera.

Taorian'izay, nambarany fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra amin'ny hampidirana ny volavolam-pandaharam-potoana tovana ny mpivory.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 25 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny hampidirana izany ao anatin'ny fandaharam-potoana vaovao.

Rehefa izany, niroso tamin'ny fandaharam-potoana ny fivoriambe izay handraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-020/2021.

Taorian'izay, niangavy ny Mpampakateny ny tenany mba hamaky ny tatitra tany amin'ny asam-baomiera. Andriamatoa ANDRANAMBININA Djohary Lee no nanatanteraka izany, ka toy izao izany.

Nivory ny Talata 24 Mey 2022 tamin'ny 10 ora, maraina, ny Vaomieran'ny Fambolena sy ny Fampandrosoana ny eny Ambanivohitra sy ny Vaomieran'ny Lalàna nandinika ny volavolan-dalàna laharana faha-020/2021 mikasika ny Farimbom-pamokarana na «Agrégation Agricole».

Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas, Filohan'ny Vaomieran'ny Fambolena sy ny Fampandrosoana ny eny Ambanivohitra no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fambolena sy ny Fampandrosoana ny eny Ambanivohitra tonga nanatrika ny fivoriana:

Andriamatoa sy Ramatoa isany:

1. RANDRIANASOLO Jean Nicolas
2. ANDRIAMIATRIKARIVO Tiana James Pierrot
3. ANDRIANAMBININA Djohary Lee
4. DINAH Romual
5. RABEKIJANA Solofo Hery
6. RABEMANANTSOA Herilala Jeannot

7. RABENARY Jean Thierry
8. RAHARIMAMPIONONA
9. MICHELLE Bavy Angelica

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Lalàna tonga nanatrika ny fivoriana:

Andriamatoa sy Ramatoa isany:

1. IDEALSON
2. RAFIDIMANANA Narson
3. RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine
4. RATSIMANDRIONA Aida Hardy
5. RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa

Ireto avy ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fambolena sy ny Fampanandrosoana ny eny Ambanivohitra tonga nanatrika ny fivoriana:

Andriamatoa isany:

1. RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol
2. ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy

Ireto avy ireo teknisiana avy amin'ny Minisiteran'ny Fambolena sy ny Fiompiana nislotena ny Governemanta:

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- | | | |
|----|--|----------------------------|
| 1. | RAYMOND | Vice-Ministre Elevage |
| 2. | RABEONY Voara | DAJC/MINAE |
| 3. | RANDRIANARITIANA Pierrot | DEFIS/MINAE |
| 4. | RAKOTONIAINA Marina | DOPAB/MINAE |
| 5. | RAHANTAMALALA Fanja | DGFDA/MINAE |
| 6. | RAHARIMANANA Bali Wilfrid | Chef de Service DAJC/MINAE |
| 7. | TSELANY Deborah | Magistrat DERL/MINJUS |
| 8. | RAKOTONIRINA Andriamalala Jean Christian | Magistrat DERL/MINJUS |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nomeny avy hatrany an'ireo teknisiana ny fitenenana mba hanazavan'izy ireo mikasika ny volavolan-dalàna.

Nambaran'izy ireo tamin'izany, fa tanjona napetraky ny fitondram-panjakana ny hahatratrarana ny fizakan-tenan'i Madagasikara ara-tsakafo. Ankehitriny anefa, misedra olana ny fanatanterahana izany noho ny tsy fahalavorariana misy eo amin'ny kalitao sy ny hakelin'ny vokatra; toy izany koa ny olana eran-tany ary ny tsy fahampian'ny tosika ara-teknika omena ny tantsaha. Koa izany indrindra no nahatonga ny fitondram-panjakana nanao ny ezaka amin'ny fitadiavam-bahaolana ahafahana manome herijika ny sehatry ny fambolena sy ny fiompiana, mba hahatrarana ny vina izay napetraka. Marolafy ny tohana entina mandritra izany, toy ny lafiny ara-traikefa, ara-bola ary ny lafiny araka ny lalàna, ka izany no antony nandrosoana ity volavolan-dalàna mikasika ny Farimbom-pamokarana na «Agrégation Agricole» ity eto anivon'ny Parlemanta.

Nandritra ny telo taona no efa namolavolana ity volavolan-dalàna ity. Nisy ny fakan-kevitra natao teo anivon'ireo mpisehatra voakasika avy eto an-toerana, toy ny mpandraharaha sy ny tantsaha, toy izany koa ny fijerena ny traikefa ananan'ireo firenena efa nampihatra izany. Ny tanjona dia mba hamaliana ny filan'ireo mpisehatra ao anatin'ny Farimbom-pamokarana sy hiaro ny tombotsoa izay tokony hositrahan'izy ireo tsirairay avy.

Raha faritana tsotra ny teny hoe Farimbom-pamokarana dia sehatra ivondronan'ny tantsaha sy ny mpandraharaha mba hahafahan'ny tantsaha mamokatra betsaka sy ara-kalitao araka ny filàna misy eo amin'ny tsena.

Miavaka fa tsy mitovy amin'ny fifanarahana efa mahazatra ifanaovan'ny orinasa tsy miankina sy ny tantsaha maromaro ny Farimbom-pamokarana. Ity farany dia mitaky fandraisana anjaran'ny sehatra tsy miankina amin'ny fanomezana tantsoroka ireo tantsaha mba hanatrarana ny fenitry ny kalitao sy ny habetsaky ny vokatra. Ny tantsoroka dia mikasika ireo rojom-pamokarana rehetra izay manomboka amin'ny fisafidianana ny karazam-pamokarana hatao, ny akora hampiasaina, ireo teknika hampiharina sy ny fitantanana ny famokarana amin'ny ankapobeny hatramin'ny famoahana ny vokatra.

Momba ny tany manokana, ezahina ny hahafahana manampy ireo tantsaha mba ho afaka mampiasa manontolo ny tany ananany, koa raha ilaina ny fampivondronana azy ireo dia atao izany mba hahatrarana ny tanjona, mba tsy hampipetra-potsiny ireo tany azo amokarana. Ireo rehetra voalaza ireo dia voafaritra mazava ao anatin'ny volavolan-dalàna avokoa.

Nantitraterin'ireo teknisiana, fa mifameno amin'ny «Loi sur les Théories Générales des Obligations» (LTGO) ny volavolan-dalàna mikasika ny Farimbom-pamokarana ary mizara ho andininy 22 toa izao izany:

- Ny andininy voalohany dia milaza ny tanjona kendren'ny volavolan-dalàna;
- Ny andininy faha-2 dia mamelabelatra ireo sehatra azo ampiharana ny volavolan-dalàna;
- Ny andininy faha-3 dia miompana amin'ny famaritana ireo voambolana teknika ampiasaina ao anatin'ity volavolan-dalàna ity;
- Ny andininy faha-4 dia mametraka mazava tsara fa ny fifanarahana amin'ny farimbom-pamokarana dia tokony hanaraka ireo fepetra voalazan'ny lalàna amin'ny fandrafetana fifanarahana na eo amin'ny endrika izany na eo amin'ny votoatiny;
- Ny andininy faha-5 dia mitanisa ireo fepetra sy fanamarihana hita ao amin'ny fifanarahana mahakasika ny farimbom-pamokarana sy ny mampiavaka azy amin'ny fifarahana feheziny «Loi sur les Théories Générales des Obligations» (LTGO);
- Ny andininy faha-6 dia milaza ny fiarahan'ny andaniny sy ny ankilany miaramanapakevitra eo amin'ny Zo iombonana;
- Ny andininy faha-7 dia mitanisa ireo toe-java-misy mety hitranga ka ahafahana manisy fanovàna ny fifanarahana mahakasika ny farimbom-pamokarana;
- Ny andininy faha-8 dia mamaritra ny fe-potoana hahafahana mampitsahatra ny fifanarahana fampanofàna tany ara-pambolena;
- Ny andininy faha-9 dia mamaritra fa tsy maintsy mandalo fankatoavana avy amin'ny Minisitera misahana ny Fambolena sy ny Fiompiana ary ny Jono ny fifanarahana farimbom-pamokarana ara-pambolena rehetra.
- Ny andininy faha-10 dia mitanisa ny andraikitra sahanin'ny rafitra hajoro eo anivon'ny Minisitera hisahana ny firaketana ny fifanarahana mikasika ny farimbom-pamokarana ara-pambolena;
- Ny andininy faha-11 dia mamela malalaka ireo voakasika hisafidy na hiroso na tsia amin'ny firaketana ny fifanarahana ara-pamokarana nosafidiany. Izany hoe, ny nanao ny fifanarahana ara-pamokarana voafaritra ao amin'ny LTGO dia afaka manao dingam-piraketana ao amin'ny farimbom-pamokarana.
- Ny Andininy faha-12 dia milaza ny zo amin'ny fisitrahana ireo tombotsoa sy fahafahana manao ho an'ny mpifanaraka ao amin'ny farimbom-pamokarana ara-pambolena.
- Ny Andininy faha-13 sy ny faha-14 dia manazava ny fomba famahana disadisa avy amin'ny fanatanterahana ny fifanarahana mikasika ny farimbom-pamokarana.

- Ny Andininy faha-15 sy 16 dia mamaritra ny andraikitra ny Komity mpandamina ny disadisa.
- Ny Andininy faha-17 dia mitanisa ireo mpikambana mandrafitra ny rantsana «ad’hoc».
- Ny Andininy faha-18 dia mitanisa ireo zavatra azon’ny Komity momba ny famahana ny disadisa manapa-kevitra.
- Ny Andininy faha-19 dia manambara fa ny didy amam-pitsipika no hamaritana ny fananganana ny mpikambana sy ny anjara iraky ny Komity momba ny famahana disadisa.
- Ny Andininy faha-20, faha-21 ary faha-22 dia milaza ireo fepetra farany amin’ny volavolan-dalàna.

Rehefa izany, nandray fitenenana ny Sombavambahoaka avy ao amin’ny Vaomieran’ny Lalàna, ka nilaza fa mifanaraka amin’ny Lalàmpanorenana ity volavolan-dalàna ity araka ny andininy faha-95, andalana faha-12 izay mirakitra ny adidy ateraky ny Zo isam-batan’olona sy ny ara-barotra.

Taorian’izany, niroso tamin’ny fanontaniana sy fanamarihana ny mpivory.

Fanontaniana:

1. Tafiditra amin’ny tohana ve ny fanoratana ny tany amin’ny tantsaha izay tanterahin’ny fanjakana.

Ny mpandraharaha sy ny tantsaha no manao fifanarahana ao amin’ny farimbom-pamokarana ary ny tohana omen’ny mpandraharaha ho an’ireo tantsaha ihany no voasoratra ao anaty fifanarahana.

Arak’izany, ny tohana avy amin’ny fanjakana dia tsy voasoratra ao saingy momba ny fananantany manokana dia efa misy drafitra novolavolaina hahafahana mandrindra izany.

2. Misy hetra manokana ve alaina amin’ny mpifanaraka amin’ny farimbom-pamokarana.

Tsy misy ny hetra manokana ho an’ny fifanarahana amin’ny farimbom-pamokarana. Misy kosa saram-piraketana alaina izay ny Didim-panjakana no hamaritra azy.

3. Efa misy ve ny mpandraharaha efa vonona hisehatra amin’ny farimbom-pamokarana ara-pambolena.

Tsy afaka hiteny amin’ny fomba ofisialy izahay amin’ny fisiany na tsia; fa raha nandritra ny fakan-kevitra tamin’ny namolavolana ny volavolan-dalàna dia betsaka ireo efa liana.

4. Tsy hanakorontana ny fifanarahana efa mipetraka ve ity fifanarahana vaovao ity.

Efa noentina teny amin’ny «Commission de Réforme du Droit des Affaires» eo anivon’ny Primatiora ity lalàna ity mba handinihana azy sao misy fifanoherana amin’ny lalàna efa misy. Araka ny efa voalaza, tsy mifanipaka na hanakorontana fa mameno amin’ny lalàna efa misy ity volavolan-dalàna ity.

5. Inona no tohana hoentiny amin’ny mpandraharaha ho an’ny tantsaha.

Miankina amin’ny safidin’ny mpandraharaha sy ny vokatra andrasany ny tosika atolony. Ohatra; zezika, masom-boly, lafiny teknika sy fitondrana teknisiana. Misy ihany koa tohana avy amin’ny Minisitery toy ny «appui d’accompagnement»

6. Olana aiza ao anaty rojom-pamokarana no hovoavahan’ity volavolan-dalàna ity.

Mamaly ny olana eo amin'ny tantsaha sy ny mpandraharaha ny volavolan-dalàna ary tokony ho mora ny fampiasana azy.

7. Mety hitondra vahaolana na amin'ny ampahany eo amin'ny olana misy amin'ny sehatry ny famokarana ara-pambolena ve ity volavolan-dalàna ity.

Eny, araky ny tanjona napetraka dia ny fahavitan-tena ara-tsakafo koa heverina fa hitondra antsika amin'izay tanjona izay amin'ny fampiharana izao lalàna izao, ka hampiroborobo ny lafiny famokarana sy ny fampidiram-bola.

Fanamarihana avy amin'ny Solombavambahoaka:

- 1- Tokony ho faritana ato anaty volavolan-dalàna ny fifanarahana atao miaraka amin'ireo «secteur privé» izay hifanaraka amin'ny tantsaha.
- 2- Ny farimbom-pamokarana dia tsy afa-misaraka amin'ny olan'ny fananan-tany; 80%-n'ny raharaham-pitsarana dia mahakasika ny olan'ny fananan-tany, ka manaitra mafy ny Minisiteran'ny Fitsarana mba hijery akaiky momba izany;
- 3- Ny zavatra hita dia miharatsy ny kalitaon'ny vokatra eto Madagasikara noho ny tsy fahampian'ny «conditionnement». Manaraka izany, mora ny manentana ny tantsaha hamboly fa ny lalam-barotra hamoahana azy no sarotra, ka mila jerena akaiky;
- 4- Maro ny dingana lalovana vao tonga any amin'ny fiotazana ny vokatra iray. Anisan'ny tsy mahatomombana ny kalitaon'ny vokatra eto amintsika ny halatra sy ny tsy fandriampahalemana eny an-tsaha. Voatery otazana mialoha ny vokatra ka ilàna vahaolana maika izany;
- 5- Ny mahatonga ny halatra dia noho ny fampiasam-bola ataon'ny fanjakana, ka tsy mandeha amin'ny tokony ho izy. Tokony ho any amin'ny seha-pihariana mikasika ny famokarana no vatsian'ny fanjakana betsaka, indrindra ny fambolena sy ny fiompiana;
- 6- Lasa nohamaivanin'ny fanjakana ny sehatra ara-pambolena ka tokony hiady ianareo teknisiana mba hahatonga azy hanan-danja, indrindra amin'izao ankatoky ny fandinihana ny Lalàna mifehy ny Tetibolam-panjakana hasiam-panitsiana izao;
- 7- Mbola tsy nisy olona avy amin'ny Fitsarana foibe mba nidina ifotony nijery ny rafipitsarana ao Alaotra- Mangoro raha resaka olan'ny fananan-tany no resahana, ka tokony hihevitra ny amin'izay ny tomponandraikitra hisorohana ny disadisa lavareny mikasika io olan'ny fananan-tany io ;
- 8- Tsy ampy ny teknisiana tokony hanome tantsoroka ireo tantsaha any amin'ny faritra.
- 9- Mila jerena akaiky ny hananganana na hanavaozana ireo fotodrafitrasa mifandraika amin'ny famokarana, toy ny tohadrano sy lalana, eo koa ireo sehatra hafa izay mifaningotra amin'izay, toy ny toeram-pivarotana akoram-pamokarana (masomboly, zezika sy fitaovana samihafa) ary ny karatry ny mpamboly;
- 10- Mila jerena akaiky sy hamarinina tsara ny singa simika ampiasaina amin'ny fambolena, ka apetraka ny fepetra amin'ny fampiasana izany mba hisorohana izay mety ho fiantraikany ara-pahasalamana amin'ny mpihinana;
- 11- Misy ihany ny fotodrafitrasa, toy ireo trano fitehirizam-bokatra any amin'ny faritra izay efa tsy ampiasaina intsony noho ny antony maro samihafa, ka voalohany amin'izany ny tsy fisian'ny vokatra tokony hotehirizina ao.

Fanamarihana avy amin'ny teknisiana :

- 1- Amin'ny Farimbom-pamokarana, ny mpandraharaha no mitady ny tsena izay vao manao fifanarahana amin'ny tantsaha mba hisorohana amin'ny fikatsoan'ny famoaham-bokatra.
- 2- Mahakasika ny tohadrano sy famatsiana rano fisotro ny biby fiompy ary ny toerana fanangonana vokatra dia tohana ivelan'ny fifanarahana izany kanefa tsy maintsy atao mba hahafahan'ny tantsaha mamaly ny filàna.

- 3- Efa mijery vahaolana ny fanjakana ho famahana ny olan'ny fananan-tany.
 4- Hojerena mandritra ny fikaonan-doham-pirenena ny lafiny tsy fandriampahalemana.

Rehefa izany, niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ny mpivory.

Noho ny tsy fahatrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana mba ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Taorian'izany, niroso tamin'ny fandaniana isan'andiny ny mpivory.

| | | |
|---------------------------|---------------|---|
| Famelabelarana | Antonantony : | Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna |
| <u>Andininy Voalohany</u> | | Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna |
| <u>Andininy faha-2</u> | | Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna |
| <u>Andininy faha-3</u> | | Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna |
| <u>Andininy faha-4</u> | | Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna |
| <u>Andininy faha-5</u> | | Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna |
| <u>Andininy faha-6</u> | | Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna |
| <u>Andininy faha-7</u> | | Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna |
| <u>Andininy faha-8</u> | | Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna |
| <u>Andininy faha-9</u> | | Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna |
| <u>Andininy faha-10</u> | | Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna |
| <u>Andininy faha-11</u> | | Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna |
| <u>Andininy faha-12</u> | | Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna |
| <u>Andininy faha-13</u> | | Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna |
| <u>Andininy faha-14</u> | | Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna |
| <u>Andininy faha-15</u> | | Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna |
| <u>Andininy faha-16</u> | | Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna |
| <u>Andininy faha-17</u> | | Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna |
| <u>Andininy faha-18</u> | : | Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna |
| <u>Andininy faha-19</u> | | Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna |

Andininy faha-20

Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-21

Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-22

Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Taorian'izany, nolanian'ny Vaomieran'ny Fambolena sy ny Fampanandrosoana ny eny Ambanivohitra tamin'ny endriny tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna ny volavolan-dalàna laharana faha-020/2021 mikasika ny Farimbom-pamokarana na «Agrégation Agricole» ary hoentina eo anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 12 ora, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Andriamatoa Filoha.

Taorian'izay, nisaotra ny Mpampakateny Andriamatoa Mpitarika fivoriana ary nanambara fa hiditra amin'ny fanamarihana na fanitsiana ny tatitra ny mpivory. Nomarihany, fa mbola tsy miditra amin'ny adihevitra ankapobeny aloha ary ny Solombavambahoaka no manao izany mialoha vao ny solotenan'ny Governemanta.

Tsy nanan-kambara ny Solombavambahoaka, ka nomena fitenenana Andriamatoa RAMILISON Harifidy, Ministry ny Fambolena sy ny Fiompiana. Nomarihiny fa tokony hampidirana ao anaty tatitra ny anaran'ireo teknisiana roa avy amin'ny Minisiteran'ny Fitsarana dia Ramatoa TSIELANY Debora sy Andriamatoa RAKOTONIRINA Andriamalala Jean Christian satria niarahana tamin'izy ireo ny fanaovana ny volavolan-dalàna. Ao amin'ny pejy faha-2 no tokony hametrahana izany.

Nisaotra an'Andriamatoa Minisitry, Andriamatoa Mpitarika fivoriana sady niangavy ny hampidiran'ny tomponandrakitra izany ao amin'ny tatitra.

Rehefa izany, niangaviany Andriamatoa Minisitry mba hanazava ny volavolan-dalàna.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa RAMILISON Harifidy, Ministry ny Fambolena sy ny Fiompiana; nambarany fa ny farimbom-pamokarana na ny "agrégation agricole" dia ahitana mpampivondrona ao anatin'izany ny mpandraharaha izay manana filàna ara-bokatra sy ny mpivondrona, toy ny tantsaha mpamokatra na mandeha irery izy na mivondrona ao anaty fikambanana.

Nomarihany, fa efa nisy fifanarahana ara-pambolena teo amin'ny tantsaha sy ny mpandraharaha saingy tsy tafiditra tao anatin'ny "Loi sur les Theories Générales des Obligations" na ny LTGO ny fampiharana izany. Ny olana dia ny tsy fanajana ny vidin'ny vokatry tokony hifanarahana eo amin'ny roa tonta rehefa betsaka ny vokatry miakatra satria miankina amin'ny "loi de l'offre et de la demande" izany.

Nambarany fa tsy afaka miaro azy ireo ny lalàna raha tsy mifameno amin'ny LTGO ny zavatra ka hiteraka fatiantoka ho an'ny tantsaha sy ho an'ny mpampivondrona ihany koa izany.

Fanampin'izany, natao hiarovana ny roa tonta ihany koa no nanaovana ity lalàna ity ary voafaritry ao anatin'izany andraikitra ny andaniny sy ny ankilany rehefa mipetraka mazava tsara ny fifanarahana ataon'izy ireo.

Nambaran'Andriamatoa Minisitra koa fa misy "entité" solotena avy amin'ny Minisitera roa tonta dia ny Minisiteran'ny Fambolena sy ny Fiompiana ary ny Minisiteran'ny Fitsarana manatanteraka amin'ny fandraisana an-tsoratra sy ny fanazavana ny fifanarahana izay voalaza ao amin'ny andininy faha-5 ao amin'ny volavolan-dalàna ny antsipiriany, toy ny anton'ny fifanarahana, ny toerana anatanterahana ny seha-pamokarana sy ny zavatra vokarina ao aminy, ny zon'ny tompon-tany, ny taham-bokatra trararina mifanaraka amin'ny fampiasana teknika samihafa entina mamokatra, ny adidy amin'ny fitaterana ny habetsahan'ny vokatra, ny tetiandro iotazana ny vokatra; ny kalitaon'ny vokatra mba ahafahan'ny mpandraharaha mivarotra izany amin'ny tsena anatin'ny sy ivelany.

Ao amin'ny andininy faha-9, milaza ny fananana rejisitra manokana ho an'ny mpamokatra mba ahafahana mijery ny "traçabilité" ka ahitana ny teknikam-pamokarana narahina nentina nampitombo ny vokatra; mifanaraka amin'ny filàn'ny mpampivondrona koa ve izany, ny fanohanana ara-teknika ataon'ny mpampivondrona, ny "chaîne de valeur" manomboka amin'ny famantsiana masomboly, ny raikipohin'ny zezika ampiasaina, ny fomba fanangonambokatra.

Ato anaty volavolan-dalàna koa ny filazana, fa tsy maintsy fantatra ny fenitry ny vokatra farany ambany, ny "engagement" soniavin'ny roa tonta, ny fanajana ny vidin'ny vokatra ifanarahana mba hialana amin'ny zavatra hafa mety miseho; ao koa ny fizarana andraikitra amin'ny tahampahavoazana raha sendra misy izany, voalaza ao ihany koa ny fe-potoana faharetan'ny fifarahana.

Misy andininy koa milaza ny fananganana komity manokana hiara-hiasa amin'ny roa tonta dia ny tantsaha sy ny mpampivondrona, ka ahitana solotena iray avy amin'ny andaniny sy ankilany. Hisy koa ny fiara-miasa amin'ny tranoben'ny tantsaha, ny Minisiteran'ny Indostria, ny Minisiteran'ny Fitsarana ka ity farany no hamaha ny disadisa misy. Marihana hoy Andriamatoa Minisitra, fa voafaritry ny "texte réglementaire" ny fanendrena azy ireo alohan'ny handehanan'ny raharaha any amin'ny fitsarana raha toa tsy voavaha ao anatin'ny 6 volana io disadisa io.

Nambaran'Andriamatoa Minisitra ihany koa, fa ny fahavitan-tena ara-tsakafo sy ho fampiroboroana ny tsena anatin'ny sy ivelany ho an'ny roa tonta no tanjona nanaovana ity volavolan-dalàna ity.

Nomarihany fa ny fampijoroana ny komity manokana any amin'ny Faritra dia hisahana ny famahana ny olana amin'ny lafiny fananan-tany, izay iarahana amin'ny Minisitera voalaza etsy ambony sy ny Minisiteran'ny Fanajariana ny Tany, ka haroso amin'ny fikaonan-doham-pirenena amin'ny faha-8 sy faha-9 Jona 2022 ho avy izao.

Nomarihany, fa tokony hanana taratasy ara-dalàna mikasika ny fananan-tany ireo "agregé" na ny vondron'ny tantsaha; izay no namaranany ny fanazavany.

Rehefa izany, nisaotra Andriamatoa Minisitra, tamin'ny fanazavana nataony, Andriamatoa Mpitarika fivoriana ary nambaran'ny fa vanim-potoana tokony hifotorana amin'ny fambolena izao fotoana izao rehefa mihatra ity lalàna ity satria efa manomboka miverina amin'ny fambolena koa ny firenena maro noho ny fisian'ny ady amin'ny Rosiana sy ny Okreniana, fa matahotra ny hisian'ny krizy ara-tsakafo.

Taorian'izay, nomeny fitenenana ny Solombavambahoaka.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa DINAH Romual, nomarihany fa miaina amin'ny vokatry ny tany ny zava-manan'aina rehetra; manoloana izany, tsy tokony ho sahirana ny vahoaka Malagasy noho ny fananany lemaka midadasika sy tany mando any amin'ny Faritra maro. Ny olana dia ny tsy fihainoan'ny Fahefana Mpanatanteraka ny sosokevitry ny Solombavambahoaka rehefa manao izany izy ireo. Ny vahaolana, hoy izy dia ny fametrahana fotodrafitrasa ahafahana mamoka ny vokatra ary ny fampitomboana ny tetibola hampiasaina amin'izany; ao koa ny fampiharana ny lalàna araky ny tokony ho izy mba hiarovana tombotsoan'ny tantsaha.

Raha nomena fitenenana kosa Andriamatoa RAVONTY Tam Teon Luc Urbain, nambarany fa ny fahavitan-tena aran-tsakafo no tanjona. Noho izany, tokony hatao vaindohan-draharaha ny "sécurisation foncière" sy ny fanomezana karatany satria ny 85%-n'ny Malagasy dia tantsaha avokoa. Izy ireo no iharan'ny fibodoana tany; vokatr'izay, anjakan'ny mpanam-bola ny tany izay vitany fanamaintisamolaly. Ny fanomezana fitaovana arifomba ho an'ny tantsaha manana finjavana amin'ny fambolena no tokony hatao, vatsiana masomboly sy zezika koa izy ireo mba hahatsara ny vokatra.

Etsy ankilany, tsapa koa fa tsy mitovy ny vidin'ny tany eto amintsika, ka tokony hampitoviana izany. Misy 2000 Ariary ny vidin'ny 1m², ny hafa kosa any amin'ny 40 000 Ariary, ny sasany aza mahatratra an-tapitrisany izany. Etsy andaniny, misy ny fanararaotana ataon'ny vahiny; manao "bail emphytéotique" izy ireo ary taona maro no anaovany fifanarahana amin'ny tompon-tany, raha te-hiverina hampiasa ny tany ny tompony, sahirana vao tonga amin'izany. Vahaolana manaraka, aleo hatsaraina ny tohadrano efa misy ary tokony hanao "opération cadastrale" ny fanjakana.

Andriamatoa RAJOELINA Andriam-Harimanana Seth indray nilaza, fa misy tany navelan'ny mpanjan-tany ary ny Malagasy no nanamaintimolaly azy. Ny olana mipetraka, misy mpanam-bola sy manam-pahefana te-haka an-keriny ny tany. Tokony hojerena izany toe-javatra izany raha te-hampihatra ity lalàna ity isika.

Mangataka ny hanomezana karatany ny tantsaha ary mba hamoraina koa ny fikirarakirana ny antontan-taratasy any amin'ny Minisiteran'ny Fanajariana ny Tany sy ny Sampandraharaha miadidy ny Fananan-tany mba ahafahan'ny vahoaka misitraka ny tany hialana amin'ny fanararaotana ataon'ny mpanam-bola.

Nambaran'Andriamatoa FIAROVANA Lovanirina Celestin raha nomena fitenenana izy, fa ny fanomezana tohana ara-bolan'ny tantsaha amin'ny vanim-potoanan'ny maitso ahitra no tokony hatao, mba hahatratrarana ny "tonnage" ho an'ny mpandraharaha mandray ny vokatr'izy ireo. Ny antony, sahirana izy ireo amin'io fotoana io.

Tokony ho hita taratra koa ny andraikity ny Minisitera amin'ny alalan'ny "valorisation des agents" miasa any amin'ny Faritra sy Distrika. Tokony hisy ihany koa ny fampitomboana sy fanatsarana ny tohadrano amin'izay mihabetsaka ny vokatra miakatra.

Aleo averina amin'ny fanjakana aloha ny tany misy olana mba ahafahana mizara azy amin'ny vahoaka aorian'ny famahana ny olana.

Araka ny voalazan'ny namana teo, tokony hampiakarina ny tetibola momba ny fambolena mba hahafahan'ny teknisiana avy amin'ny "génie rural" manatanteraka ny tetikasa fanaovana tohadrano.

Aiza ho aiza ny fanomezana "titre vert" ireo tany maro mba tsy hananan'ny tantsaha ahiahy rehefa mamboly.

Nanao satroka, Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré ary nangataka ny handaniana ny volavolan-dalàna, fa lasa mivaona ny resaka.

Andriamatoa IDEALSON kosa nilaza, fa mila ezaka manokana ny rano sy ny fananan-tany eto amintsika satria ain'ny fambolena sy fiompiana izany.

Niangavy koa ny tenany mba hatao amin'ny teny malagasy ity volavolan-dalàna ity hahafahana manaparitaka azy faran'izay haingana any amin'ny vahoaka.

Nanamarika Andriamatoa DONOVAN Sidonie Jimmy Gertrude Jhonny raha nomena fitenenana, fa lafo ny vidin-zezika eto amintsika, ka ny fitadiavana paikady ahafahana mampidina ny vidiny no tokony hatao.

Ny voly paraky no iveloman'ny olona ao amin'ny Kaominina Ambohimandroso; otazana mbola tsy matoy izany noho ny fahasahiranana misy ary amidiny eny an-tsena. Misy fanenjehana ataon'ny OFMATA amin'ireo olona ireo ary ampidirina "fourrière" ny entana. Olana mitranga izany ho an'ny mpamboly paraky, tahaka izay koa ny fisavan'ny OFMATA ny tranon'ny tantsaha. Noho izany, miangavy ny fidinan'ny Minisitera any ifotony mba hanao fanadihadiana satria vola indramina amin'ny OTIV no anaovana ny fambolena paraky.

Raha nandray fitenenana kosa Ramatoa MASY Goulamaly Marie Jean D'arc, nambarany fa ny fampiakarana ny tetibola ho an'ny fambolena no zava-dehibe mba ahafahana mividy ireo pitsopitsony momba izany.

Nambaran'Andriamatoa RANDRIANASOLO Augustin, fa ny tany lavitra andriana no betsaka tantsaha indrindra eto amintsika. Noho izany, miandry ny hetsika ataon'ny fanjakana satria tsy misy izany, ka izay no antony tsy anombohan'ny fanaovana tohadrano any amin'ireny toerana ireny. Nanentana ny fitondram-panjakana ny tenany mba hitodika bebe kokoa amin'ireo tany lavitra andriana mba hampisy fampandrosoana an'i Madagasikara, tahaka ny any aminay sy ny any Ikongo.

Niangavy koa ny tenany amin'ny hampiakarana ny tetibola ampiasaina amin'ny fanamboarana tohadrano.

Namaly Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa misedra olana ny tany lavitra andriana noho ny tsy fahazotoan'ny olona mandeha miasa amin'ireo toerana ireo. Tahaka ny any amin'ny Distrikan'Ikongo, dokotera miisa 2 sy mpitsabo mpanampy ihany no hita any an-toerana.

Nilaza Andriamatoa RANDRIANARISOA Bien Aimé Arsène, fa malalaka ny tany eto amintsika sady mamokatra. Ny vahaolana dia ny fanomezana "tracteur" ho an'ny any ambany andrefan'Ampamoizankova. Fanampin'izay, ny fanaovana tohadrano any Mahajebby izay efa vita fanadihadiana mba ahafahan'ny tantsaha mamokatra.

Nanamafy tamin'ny satroka nataony, Andriamatoa RAKOTONDRAVOAVY Andrianjafinjanakolona, amin'ny tokony hirosoana amin'ny tsangan-tànana amin'izay.

Nanao satroka Andriamatoa DAHY Ramamonjisoa Herman ary nilaza fa tsy miavaka tsara ny "zones d'élevage" sy ny "zones d'agriculture" eto amintsika; tsy ampy ihany koa ny teknisiana momba ny fambolena sy fiompiana, ka mangataka ny hampitomboana ny isan'izany.

Nanao satroka, Andriamatoa ASSIMO Bruno, fa tsy tokony hotampenam-bava ny Solombavambahoaka mandray fitenenana.

Namerina nanao satroka indray Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré ary nilaza fa tsy “questions-réponses” no atao amin’izao fotoana izao, ka aleo atao ny fandaniana ny volavolan-dalàna.

Nangataka kosa raha nandray fitenenana, Ramatoa MICHELLE Bavy Angelica, fa tokony hajaina ny lahadinika ary aleo miroso amin’ny tsangan-tànana amin’izay.

Taorian’izay, nandraisana fanapahan-kevitra ny momba hanohizana na tsia ny fandraisam-pitenenana.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 25 no nandany fa hotohizana izany; Solombavambahoaka miisa 2 no nitsipaka; tsy nisy tsy nilazany heviny.

Nambaran’Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa mitohy ny fandraisam-pitenenana.

Nohamafisiny fa miompana amin’ity volavolan-dalàna ity ny fanontaniana mipetraka hatramin’izao.

Nomarihany koa, fa misy fanontaniana vitsivitsy mikasika ny “mécanisation agricole”, ny “sécurisation foncière”, ny fanamboarana tohadrano, ny vidin-jezika ary ny tanin’ny voanjo izay tsy mety miverina amin’ny Malagasy hatramin’izao.

Taorian’izay, nomena fitenenana, Andriamatoa RAMILISON Harifidy, Minisitry ny Fambolena sy ny Fiompiana ary nanambara fa hezahana ny fampiakarana ny tetibolan’ny Minisitera araka izay tratra.

Haroso amin’ny fikaonan-doham-pirenena momba tsy fanjarian-tsakafo ihany koa ny sosokevitra mikasika ny fampitomboana ny isan’ny mpiasan’ny Minisitera; tahaka izay koa ny fanaovana tohadrano izay nahazoana fanampiana mitentina “14,9 Millions de Dollars” ho fanavaozana azy ireo.

Momba ny karatany, efa nisy fizarana izany ka miisa 300 000 no voazara, eo ampanamboarana koa ny 200 000 amin’izao fotoana izao, ka hatao ny fizarana izany rehefa vita. Iarahan’ny Minisiteran’ny Fambolena sy ny Minisiteran’ny Fanajariana ny Tany ary ny tetikasa CASEF ny fanatanterahana izany mba hananan’ny tantsaha fitoniana amin’ny fampiasana ny taniny.

Mikasika ny famerenana ny tanin’ny “colons” amin’ny vahoaka; hezahana ny hanao izany satria izy ireo tokoa no nanamaintimolaly ny tany.

Voaray ny sosokevitra, ka hojerena ny momba izany.

Mikasika ny fanaparahana ny lalàna amin’ny teny Malagasy, eo ampieritreretana izany tokoa amin’izao fotoana izao, ka ho hita eo ny fanatanterahana azy.

Hisy ihany koa ny fampidinana an-tsehatra ny teknisiana hanao “encadrement” amin’ny fampiharana ny teknikam-pambolena manaraka ny toetr’andro.

Momba ny fandefasana teknisiana any amin’ny tany lavitra andriana; hanao ezaka goavana ny fitondram-panjakana mba handefasana sy hitazonana ny mpiasa alefa any amin’ireo toerena ireo.

Voaray ny sosokevitra, fa handinika azy izahay.

Taorian'izay, nanambara Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra isan'andiny mikasika ny volavolan-dalàna ny mpivory.
Nomarihany fa ahitana lohateny efatra ny volavolan-dalàna.

Famelabelarana ny antonantony, lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tàna, Solombavambahoaka miisa 29 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana fa lany ny Famelabelarana ny antonantony.

“Titre I: Dispositions Générales”

Andiny voalohany ka hatramin'ny andiny faha-8: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tàna, Solombavambahoaka miisa 29 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana fa lany ny “Titre I”.

“Titre II: De l'Enregistrement du contrat et ses effets juridiques”

Andiny faha-9 ka hatramin'ny andiny faha-12 : lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tàna, Solombavambahoaka miisa 29 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana fa lany ny “Titre II”.

“Titre III: Règlement de Differends »

Andiny faha-13 ka hatramin'ny faha-19 : lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tàna, Solombavambahoaka miisa 29 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana fa lany ny “Titre III”.

“Titre IV: Dispositions finales”

Andiny faha-20 ka hatramin'ny andiny faha-22 : lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tàna, Solombavambahoaka miisa 29 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana fa lany ny “Titre IV”.

Taorian'izay, nambarany fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ankapobeny ny mpivory.

Nomarihany fa andiny faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'izany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaká miisa 29 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Rehefa izany nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny Volavolan-dalàna laharana faha-020/2021 tamin'ny 24 Novambra 2021 mikasika ny Farimbom-pamokarana na "Agrégation agricole".

Taorian'ny fahalanian'ny Volavolan-dalàna, nomena fitenenana, Andriamatoa Minisitra, nambarany fa vonona ny tenany hiara-hiasa amin'ny teknisiana sy Solombavambahoaka. Fisaorana tamin'ny fahalanian'ny Volavolan-dalàna koa no nataony ary horaisina ny sosokevitra avy tamin'ny Solombavambahoaka.

Rehefa izany, nisaotra an'Andriamatoa Minisitra, Andriamatoa Mpitarika fivoriana.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana dia nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka ny tenany; nambarany fa ny Talata 31 Mey 2022 amin'ny 9 ora sy 30 minitra, maraina, hisy ny fanokafana amin'ny fomba ofisialy ny "Consultation avec des parlementaires de l'Assemblée Nationale de Madagascar sur les mécanismes onusiens de protection des droits de l'homme et le rôle des parlementaires"; amin'ny 3 ora, tolak'andro, fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ny Tolopehin-kevitra laharana faha-001-021/PR tamin'ny 10 Febroary 2021 "portant création d'une Commission d'enquête parlementaire sur le trafic d'Or à Madagascar, présentée par le Député MOHAMAD Ahmad, élu à Fénérive-Est et consorts» ary nanentana ny rehetra mba havitrika hamonjy ireo fivoriana ireo.

Niato tamin'ny 1 ora sy 30 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Andriamatoa Mpitarika fivoriana.

NY FILOHA



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona